# Mivoatra amin'ny maha-mpampianara tahaka an'i Kristy—Fabombantombanana ny tena manokana

Amin'ny maha-mpampianatra antsika dia tokony hanombantombana tsy tapaka ny herintsika sy ny fahalementsika isika mba hahafahantsika manampy ny mpianatra hanorina finoana eo amin'i Jesoa Kristy sy ho lasa tahaka Azy kokoa. Ity sahanasa manaraka ity dia afaka manampy anao hampihatra ireo fitsipiky ny fampianarana tahaka ny an'i Kristy: Eritrereto hoe hatraiza ny famariparitan'ny tsirairay amin'ireto teny nambara manaraka ireto anao amin'ny maha-mpampianatra anao. Fidio izay valiny tena mifanaraka amin'ny fanambarana tsirairay: (1) mahalana, (2) indraindray, (3) matetika, (4) saika manao izany foana.

Avy eo miaraka amin'ny fitarihan'ny Fanahy dia mifidiana ombam-bavaka zavatra vitsy tianao hatsaraina. Mametraha tanjona vitsivitsy ary ampiasao ity loharanom-pitaovana ity mba hanampy anao hivoatra.

## Mifantoha amin'i Jesoa Kristy

__ Mampianatra momba an'i Jesoa Kristy aho na inona na inona ampianariko.

__ Antitranteriko ny ohatra nasehon'i Jesoa Kristy.

__ Manampy ny mpianatra hamantatra ny fitiavan'ny Tompo sy ny heriny ary ny famindram-pony eo amin'ny fiainan'izy ireo aho.

__ Manampy ny mpianatra hanamafy orina ny fifandraisan'izy ireo amin'ny Ray any An-danitra sy i Jesoa Kristy aho.

__ Minia manampy ireo mpianatra hiezaka hitovy kokoa amin'i Jesoa Kristy aho.

## Tiavo ireo izay ampianarinao

__ Miezaka mijery ireo mpianatra amin'ny fomba hijeren' Andriamanitra azy ireo aho.

__ Mikatsaka ny hahafantatra ireo izay ampianariko aho, mba hahatakarana ireo toe-javatra iainan'izy ireo, sy ireo zavatra ilain'izy ireo ary ny tanjak'izy ireo.

__ Mivavaka ho an'ireo mpianatra aho ary tononiko ny anaran'izy ireo.

__ Mamorona tontolo azo antoka izay hahatsapan'ny rehetra ho voahaja aho ary fantatro fa sarobidy ny anjara biriky entin'izy ireo.

__ Mitady fomba tsara hanehoako ny fitiavako aho.

## Mampianara amin'ny alalan'ny Fanahy

__ Manomana ny tenako ara-panahy aho mba hampianatra.

__ Manaraka ireo bitsika ara-panahy momba ireo zavatra ilain'ireo mpianatra aho.

__ Mamorona sehatra sy fahafahana azo araraotina aho ho an'ireo mpianatra mba ho ampianarina amin'ny alalan'ny Fanahy Masina izy ireo.

__ Manampy ireo mpianatra hikatsaka sy hamantatra ary handray andraikitra eo anatrehan'ny fanambarana ho an'ny tena manokana aho.

__ Mijoro ho vavolombelona matetika sy mamporisika ireo mpianatra aho hizara ny fahatsapan'izy ireo sy ny zavatra niainany ary ny fijoroana ho vavolombelona ananany aho.

## Ampianaro ny fotopampianarana

__ Mianatra ny fotopampianaran'i Jesoa Kristy ho an'ny tenako manokana aho.

__ Mampianatra avy amin'ny soratra masina sy avy amin'ny tenin'ireo mpaminanin'ny andro farany aho.

__ Manampy ireo mpianatra hikatsaka sy hamantatra ary hahatakatra ireo fahamarinana ao anatin'ny soratra masina aho.

__ Mifantoka amin'ireo fahamarinana izay mitondra amin'ny fiovam-po ary manorina ny finoana eo amin'i Jesoa Kristy aho.

__ Manampy ireo mpianatra hahita ny fiantefan'ny fotopampianaran' i Jesoa Kristy amin'izy ireo manokana aho.

## Ataovy izay hisian'ny fianarana amim-pahavitrihana

__ Manampy ireo mpianatra ho tompon'andraikitra amin'ny fianaran'izy ireo aho.

__ Mamporisika ireo mpianatra hahafantatra ny Mpamonjy amin'ny alalan'ny fandalinana ny filazantsara isan'andro aho.

__ Manasa ireo mpianatra hiomana mba hianatra aho.

__ Mamporisika ireo mpianatra mba hizara ireo fahamarinana izay ianaran'izy ireo aho.

__ Manasa ireo mpianatra hiaina ny zavatra ianaran'izy ireo aho.